



**Sary toa milaza sy mampiseho fa tsy misy fikarakarana matotra intsony ilay orinasa tokony mampidi-bola be ho an'ny firenena malagas**y

Nahazo fampiantsoana avy amin’ny Talen’ny Asa sy ny fampiroboroboana ny zo fototra ireo mpiasa sy mpampiasa ao amin’ny Orinasam-panjakana KRAOMITA MALAGASY, ka tonga tao amin’ny Minisiteran’ny Asa ny roa tonta ny 08 novambra 2019, niaraka amin’ny solotena avy ao amin’ny CFM na *«Congrégation des Travailleurs de Madagascar»*. Fa nahazo izany fampiantsoana ( *«convocation »* ) amin'ny anarany manokana ihany koa ny Tale jeneraly.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

MINISTERE DU TRAVAIL, DE L’EMPLOI, DE LA FONCTION PUBLIQUE ET DES LOIS SOCIALES
----------
SECRETARIAT GENERAL
----------
DIRECTION GENERALE DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES
----------
DIRECTION DU TRAVAIL ET DE LA PROMOTION DES DROITS FONDAMENTAUX
----------

N°228MTEFPLS/SG/DGTLS/DTPDF/19

*Antananarivo, le* 04 NOV 2019

LE DIRECTEUR DU TRAVAIL ET DE LA PROMOTION DES DROITS FONDAMENTAUX

à

**Monsieur Le DIRECTEUR GENERAL de la KRAOMITA MALAGASY (KRAOMA S.A) 101-ANTANANARIVO**

**<u>OBJET</u> : Convocation pour confrontation**

Monsieur,

La Direction du Travail et de la Promotion des Droits Fondamentaux est destinataire d’une lettre des doléances émanant des représentants du personnel (Délégués du personnel, délégués syndicaux et membres du comité d’entreprise) concernant leur situation dans la société KRAOMA.

En effet, dans cette lettre, ils dénoncent certains faits suivants qui défavorisent les travailleurs tant sur le plan individuel que collectif:

- non respect du règlement intérieur et de la convention collective ;
- nouvelles modalités de paiement de salaires ;
- non prise en charges des travailleurs et de leurs familles en matière de santé et sécurité au travail;
- non paiement des cotisations dues à la CNaPS et à l’assurance complémentaire ;
- autres,…

Ils déclarent aussi que la Direction Générale de la société KRAOMA n’a pas donné suite à leur demande d’audience malgré leur insistance.

Aussi, dans le cadre de la loi n°2003-044 du 28 juillet 2004 portant Code du Travail ; ai-je l’honneur de vous demander de bien vouloir vous présènter (ou vous faire représenter par une ou des personnes munies d’une procuration) à nos bureaux sis à l’immeuble du Ministère du Travail, de l’Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales, 67 Ha, 4ème étage, porte 420, **le vendredi 08 novembre 2019 à 09 heures** pour règlement de ces cas.

Vous voudriez bien vous munir de toutes pièces justificatives utiles à l’instruction du dossier.

Veuillez agréer, Monsieur, l’assurance de ma considération distinguée.

Paulin
Inspecteur du Travail et des Lois Sociales

**<u>Copie à</u>** :

-Mesdames et Messieurs les représentants du personnel (Délégués du personnel, délégués syndicaux et membres du comité d’entreprise) de la KRAOMA S.A

**«Pour valoir convocation »**

Anisan'ny antony nampanantsoina ny Tale Jeneraly dia ny tsy fanajana ny fitsipika anaty sy ny fifanarahana iombonana na *« convention collective »* ; ny tsy fanajana ny fomba nifanaraha handoavana ny karaman'ny mpiasa ;  ny tsy fanajana ny fandraisana an-tànana ireo mpiasa sy ny fianakaviany eo amin'ny lafin'ny Fahasalamana sy ny tontolon'ny fiarovana ny mpiasa am-perinasa ; ny tsy fandoavana ny latsakemboka ao amin'ny CnaPS sy ny fiantohana fanampiny...

Ny dikany, tsy nahomby ny tetika fanakanana ny hetsiky ny mpiasa nataon’Andriamatoa Nirina RAKOTOMANANTSOA, Tale jeneraly amin'zao fotoana izao, sy ny ekipany, fa tafakatra teto Antananarivo ihany ireo solotenan’ny mpiasa hitondra ny fitarainany eo anivon’ny Minisiteran’ny Asa. Raha ny vaovao voaray avy tamin’ireo solotenan’ny mpiasa dia fandrahonana no nasetrin’ny mpitantana ny fangatahan’izy ireo hamonjy ny fiantsoana avy amin’io minisitera io hihainoana ny fitarainan’izy ireo. Inona marina no tena atahoran’ny mpitantana ao amin’io orinasa io ny hahalalan’ny maro an’isa ny tena zava-mianjady amin’ireo mpiasa ao Brieville ireo? Mahalasa saina hatrany ny ramatahora sy fanambanana fandroahana ireo mpitarika sendikaly izay mitondra ny tena zava-misy marina.

Raha nanontanianay ny solotenan’ireo izay niakatra taty Antananarivo -izay niala vola am-paosy- dia hita soritra tamin’ny endrik’izy ireo sy ny valin-teniny ny tsy fahafaham-po. Nambaran’izy ireo mantsy fa nahilik’Andriamatoa Nirina RAKOTOMANANTSOA sy ireo olona

15 niara-dia aminy nanatrika ny solotenan'ny mpiasa tao amin'ny Minisitera any amin'ny Mpitantana teo aloha sy ny Filan-kevi-pitantanana ary ny Filoham-pirenena ny fikatsoan'ny Orinasa sy ny tsy fahitana vahaolana mandraka ankehitriny. Nambarany, hoy ireo mpiasa, fa tsy nisy voavaliny izay fanontaniana rehetra napetraky ny mpiasa mikasika ireo olana ara-tsosialy tsy mety voavaha hatramin'izao.

Miovaova hatrany, hoy ny mpiasa, ny valin-teny omen'ny mpitantana, nolazaina tany am-boalohany fa efa efa-bolana izay no nanolorana ny *"Plan de relance"* any amin'ireo Mpikambana any amin'ny filan-kevi-pitantanana saingy tao anatin'ireo fivoriana in-droa miantaona nataon'izy ireo dia tsy mbola nodinihina izany "drafitra" izany ; nolazaina indray avy eo fa efa nankatoavina fa tsy mbola voalamina ny fohy ezaka sy ny lavitr'ezaka. Tsy fantatra marina izay tena antony tsy nahavoaloa ny latsakemboka CNaPS sy ny HAVANA hatramin'ny taona 2016. Miahiahy ireo mpiasa fa nisy nanodinkodina izany vola izany, saingy na dia teo aza ny *"État financier"* izay nambaran'ny Tale Jeneraly fa ahitana ny anton'ny faty antoky ny Orinasa, dia tsy hita marina hoe natao aiza na natao inona ilay vola tokony ho naloa tany amin'ireo trano fiantohana ireo, nefa esorina isam-bolana ao amin'ny karaman'ny mpiasa hatramin'izay ka hatramin'izao.



***"Parc de voitures légères"* amin'izao fotoana izao**

Isan'ny fototry ny fahasorenan'ny mpiasa ny nahafantarany fa nisy ady varotra teo amin'ny mpitantana ny Kraoma S.A sy ny Kraoma Mining, ka nakarina 200.000 dolara ny vola omena isam-bolana ny Kraoma S.A, ary nakarina 30% ny anjarany amin'ny tombony; ny mahagaga anefa raha ny filazan'ny mpiasa dia tsy mba nojerena ny momban-dry zareo mpiasa. Fanaovana tsinontsinona ve sa fanadinoana?









La Gazette-dgi

Dossier

Kraoma : sanatria lasa zohy fieren'ny jiolahy ve ?